



Nataon'ny Loholona Russell M. Nelson

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Taranaka Mifandray amin'ny alalan'ny Fitiavana

*Ilay faniriantsika voajanahary ny bifandray amin'ny
fianakaviantsika dia tanteraka rebefa voafatotra amin'ireo
razambentsika isika amin'ny alalan'ireo ôrdônansy
masin'ny tempoly.*

Mampitamberina an-tsaina ny
fahatsiarovana ireo namana
malala sy havana ny taratasy
voaraintsika amin'ny fotoan'ny Paska
na Krismasy. Feno sarim-pianakaviana
tena sarobidy ao anatin'ny hafatra sasa-
ny. Isan'izany ity iray ity izay nahasarika
ny saiko tokoa.


Izy ity dia avy amin'ilay zafiafinay va-
vy. Ho antsoiko hoe "Ruby Malala" izy.
Mampahatsiahay ahy ny reniny tamin'-
ny reniny nitovy tamin'ny taonany
ity sary ity. Nokarohiko tao amin'ny
antontan-taratasiko ny sarin'ny renin'i
"Ruby Malala"—iray amin'ny zafikeli-
nay vavy.

29 taona lasa izay no nakako ity sa-
rin'ny renin'i "Ruby Malala" ity. Mbola
tena manga be ny masonry tamin'izany.

Nipoitra ilay fahatsiarovana mamy
efa ho dimampolo taona lasa izay, re-
hefa teraka ka tonga olona vaovao in-
drindra tao amin'ny fianakavianay ny
reniben'i "Ruby Malala"—iray amin'i-
reo zanakay vavy. Iray tamin'ny sariny

fony izy mbola kely ity. Renibe be fitia-
vana izy ankehitriny, ary izaho kosa dia
dadant'ny reniben'i "Ruby Malala." (Tsy
hampiseho anareo ny sariko tamin'iza-
ho mbola zazakely aho. Tsy hanampy
antsika izany.) Ireo sary ireo dia mam-
piseho ny fitiavana izay mampitamba-
tra ny taranaka efatra eo amin'ny
fianakavianay.

Rehefa mieritreritra ny fitiavana izay
tsapako amin'ireo olona tsirairay ao
amin'ny fianakavianay aho dia maha-
tsapa ihany koa, amin'ny ampahany
kely, ny fitiavan'ny Ray any an-danitra
ireo Zanany. Na dia tandindomin-doza
aza ny fianakaviana manerana an'izao
tontolo izao, Ny Fianganan'i Jesoa
Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Fa-
rany dia mitory, mampahafantatra ary
miaro ilay fahamarinana fa ny fianaka-
viana no ivon'ny drafitr'ilay Mpahary
ho an'ny anjara mandrakizain'ny Zana-
ny. "Ny Fianakaviana: Fanambarana
ho an'Izao Tontolo Izao" ary ny
ezaka goavana ataotsika eo amin'ny



"Ruby Malala," zafiafin'ny
Loholona Nelson



Ny Renin'i "Ruby Malala," zafikelin'ny
Loholona Nelson



Ny Reniben'i "Ruby Malala,"
zanakavavin'ny Loholona Nelson



Karatra fanaovana ôrdônansy any amin'ny tempoly

lafin'ny fanaovana tetiarana dia porofo roa mazava izay mampiseho fa mitondra fanantenana sy fanampiana ho an'i-lay vondrona masin'ny fianakaviana ity Fianganana ity.

Mampianatra isika fa tsy manam-petra ny fitiavan'Andriamanitra ny Zanany. Tia azy rehetra Izy na inona na inona firazanany na zom-pireneny, na vavy izy ireo na lahy.¹ Efa hatrany am-piandohana Izy no nanao izany ary hanohy hanao izany. Manasa ny rehetra Izy mba hikatsaka ny fisandratana mandrakizay ho an'ny fianakaviana. Ny asany sy ny Voinahiny dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fainana mandrakizay—ny fisandratana—ho an'ny Zanany.² “Fatoy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa banana fainana mandrakizay.”³

Nahatonga ireo tanjona roa an'ny Ray any an-danitra ho tanteraka ny Sorompanavotana'ny Zanaka Malalany. Tsy ho nisy ny tsy fahafatesana raha tsy teo ny Sorompanavotana. Tsy hisy ny fiverenana eo anatrehan'ny Ray sy ny fitohizan'ny fianakaviana any an-koatry ny fasana raha tsy teo ny Sorompanavotana.

Noho ny Sorompanavotana dia afaka mandray ireo fitahiana faratampony ireo ny zanak'Andriamanitra tsirairay izay mankato ny lalany mandrakizay. Nandrity ny tantaran'izao tontolo izao dia maro ireo Zanany no efa nandray ny fitahian'ny filazantsara kanefa mbo-la maro koa no tsy nandray. Talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao, ny Raintsika any an-danitra dia nanorina ny ôrdônansin'ny batisa ho an'ireo izay maty ka tsy nandray ny fahalalana mikasika ny filazantsara.⁴ Tiany koa ireny zanany ireny.

Nanome fomba ho azy ireo ihany koa Izy mba hahafahan'izy ireo ho tafiditra ao anatin'ny fianakaviana miaraka mandrakizay. Ny olombelona rehetra izay tonga eto an-tany dia naterak'ireo taranaky ny ray aman-dreny teo aloha. Manana faniriana voajanahary hifand-ray amin'ireo razambentsika isika. Mitoetra foana ao am-pontsika izany faniriana izany na firy taona isika na firy taona.

Etrirereto anie ny fifandraisana arapanahy izay miorina rehefa ampian'ny zatovovavy iray ny renibeny hampiditra ireo fampahalalana momba ny fianakaviana ao amin'ny solosaina, na rehefa mahita ny anaran'ny dadan'ny dadabenyo ao anatin'ireo firaketana momba ny fianakaviana ny zatovolahy iray. Rehefa mitodika any amin'ireo razambentsika ny fontsika dia misy zavatra mivoa ao anatintsika. Mahatsapa ho ao anatin'ny zavatra lehibe kokoa noho ny tenantsika isika. Ilay fanirantsika voajanahary ny hifand-ray amin'ny fianakavantsika dia tanteraka rehefa voafatotra amin'ireo razambentsika isika amin'ny alalan'ireo ôrdônansy masin'ny tempoly.

Noho ny lanjan'izany asa izany dia nanorina tempoly akaikikaikin'ny olona kokoa ny Fianganana,⁵ ary natao mora mihoatra noho ny hatramin'izay ny fikarohana ny tetiarana. Nohatsaraina ihany koa ireo fomba fitadiavana sy fanomanana ireo anarana hananteraha ny ôrdônansy any amin'ny tempoly. Nandrity ny Fihaonamben'ny Fianganana tamin'ny Ôktobra 2005 dia nanambara dingana tena tsara iray horaisina mikasika ny fanaovana ny tetiarana sy ny asan'ny tempoly ny Filoha Gordon B. Hinckley. Hoy izy hoe: “Iray amin'ireo lafiny manahirana ao amin’

ny asa ataontsika any amin'ny tempoly dia rehefa mihamitombo hatrany ireo tempoly ananantsika . . . manerana an'zao tontolo izao dia lasa misy ny fiverimberenan'ny fanaovana asa isoloan-tena. . . . Noho izany dia nisy fotoana niatrehantsika asa tena sarotra. . . . Ny vahaolana dia mitoetra ao amin'ny fahaizana mifehy ny fivo-rana avo lentan'ny teknôlôjian'ny solosaina.”⁶

Nanomboka tamin'izay dia tsy vitan'ny hoe nihena fotsiny ny zavatra niverimberina fa namoraina ihany koa ny fomba fiasa ka azo eritreretina fa afaka mandray anjara amin'ny asan'ny tempoly sy ny tetiarana ny mpikamban'ny Fianganana tsirairay. Tapitra teo ny andro izay nisahanan'ny manam-pahaizana manokana izany asa masina izany. Na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra iainanao, ankehitriny ianao dia afaka mampiditra ny fanaovana tetiarana ao anatin'ny fiainanao. Afaka manao sarin'ny rafitietiarany ny ankizy ao amin'ny Kilonga. Afaka mandray anjara amin'ny fanaovana batisa isoloana tena ny tanora. Afaka manampy koa ireo olon-dehibe efa antitra izy ireo hanao ny asa eo amin'ny solosaina. Afaka mitantara ny tantarany amin'ireo taranany ny ray aman-dreny. Afaka mihazona fahazoandalana hiditra ny tempoly sy hanao ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly ho an'ireo razambeny ireo olon-dehibe mendrika izay mpikambana.

Nilaza ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Ny andraikitra lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao izay nam-pandraiketin'Andriamanitra antsika dia ny fitadiavana ireo havantsika efa nodimandry.”⁷ Manamora ny fanatanteraha-na izany mihoatra noho ny hatramin'izay ireo teknôlôjia vaovao. Namoraina amin'ny alalan'ilay rafi-pandaharana hoe “FamilySearch vaovao”⁸ koa aman'izao fotoana izao ny fanaovana tetiarana sy asan'ny tempoly. Izany rafipandaharana mifototra amin'ny Internet izany dia hanampy ny mpikambana hahita ireo razambeny, hamaritra ny ôrdônansy ilaina hatao ho azy ireo ary hanomana ny anaran'izy ireo mba halifa any amin'ny tempoly. Azo atao any an-trano izany na any amin'ireo foibe misahana ny tetiarana,⁹ na any amin'izay toerana misy Internet.

Mora arahana ireo dingana atao.¹⁰

Voalohany, dia misafidy olona iray izay irianao hanaovana asa any amin'ny tempoly ianao.

Avy eo dia ataonao printy ny Fangatahana hanaovana Ôrdônansy ho an'ny Fianakaviana. Izany taratasy izany dia manome ireo fampahalalana izay ilain'ny tempoly ary manala ny filana mitondra kapila mangirana miaraka aminao rehefa ho any.

Avy amin'ny alalan'ilay Fangatahana hanaovana Ôrdônansy ho an'ny Fianakaviana no hanaovana printy ny karatra hanaovana ôrdônansy any amin'ny tempoly. Rehefa tontosa ny ôrdônansy iray dia raketina izany ary ampidirina avy hatrany ao amin'ny FamilySearch vao-vao amin'iny andro iny ihany.

Ahoana kosa ny mahakasika anareo izay tsy manana solosaina na tsy te-hampiasa izany teknôlôjia izany? Aza matahotra! Ataovy tsikelikely ilay dingana. Atombohy ao an-tokantrano izany. Atombohy amin'ny fampiasana baoritra tsy misy na inona na inona izany, araky ny torohevity ny Filoha Boyd K. Packer.¹¹ Ataovy ao anatin'izany baoritra izany ireo fampahalalana manan-danja mikasika anao sy ny fianakaviana. Ataovy ao ireo fampahalalana azo avy tamin'ny fianakaviana. Avy eo dia mangataha fanampiana avy amin'ny tompon'andraikitra misahana ny tetiarana ao amin'ny paroasy na sampana misy anao. Ny rafi-pandraharana FamilySearch vaovao dia ahafahan'ilay tompon'andraikitra manatanteraka izay zavatra rehetra ilaina hatao amin'ny solosaina ho anao, ary ao anatin'izany ny fikarakarana ny anarana alefa any amin'ny tempoly. Misy tompon'andraikitra miiisa 60.000 eo ho eo manompo manerana an'izao tontolo izao. Izay tompon'andraikitra ao amin'ny paroasy na sampana misy anao dia afaka hanampy anao tokoa.

Nampiova ny fomba fiasa amin'ny fanaovana tetiarana ilay rafi-pandraharana FamilySearch vaovao tamin'ny alalan'ny fanamorâna ny famoronana rohim-pirazanana iombonana. Taloha dia olona iray ihany no miasa mitokana, sy mitahiry ny firaketan'ny fianakaviany. Matetika dia tsy mahafantatra ny asa ataon'ny fianakaviana sasany akory ny olona iray. Ankehitiriny dia afaka mitondra fampahalalana ny tsirairay rehefa



Nandeha tany amin'ny Tempolin'i Guatemala City any Guatemala ireo olomasina avy any amin'i Tsatòkan'i Ilopango San Salvador any El Salvador.

miara-miasa amin'ny hafa eo amin'ny fampitomboana ny fampahalalana momba ny rohim-pirazanany.

Na dia efa dingana lehibe aza ny FamilySearch vaovao dia mbola vao dingana fotsiny izany. Maro ny asa miandry. Noho ilay rafi-pandraharana manamora ny fijerena ireo fampahalalana nampidirina tao amin'ny firaketan'ny Fiagonana am-polon-taonany maro avy tamin'ireo loharano maro, dia mety hampiseho fampidiran-javatra miverimberina na fahadisoana tsy tsikaritra teo aloha ny FamilySearch vao-vao. Tena fitaovana mahomby ho an'ireo izay manana razambe nandritra ny fotoan'ny mpamaky lay tokoa izany. Mila fanitsiana ireo fiverimberenan-javatra sy fahadisoana ireo, ary tsy misy afaka manao izany tsaratsara kokoa mihoatra noho ny olona tsirairay ho an'ny fianakaviany manokana.

Mety ho sorisorena ianao eo ampiatrehana ireo fanamby ireo. Nefo aoka ho tsapanao fa takatray ny ahiaihanao. Ny Fiagonana, eo ambany fitarihana entanim-panahin'ny Filoha Thomas S. Monson, dia miasa amimpahavitrhana mba hanampy anao hamaha ireo olana ireo. Miara-miezaka isika handrindra ny rohim-pirazanana'ny zanak'Andriamanitra rehetra. Asa goavana izany izay hahazoana valisoa goavana.

Asa mitondra fifaliana izany. Jereo ity sarin'ireo mpikambana vaovao ity

izay manao ny asan'ny tempoly ho an'ny razambeny. Ireto Olomasina malala ireto dia avy any amin'ny tsatòkan'i Ilopango El Salvador, San Salvador, izay vao sambany no nankanesany tao amin'ny tempolin'i Guatemala City. Mihazona ny karatra fanaovana ôrdônansy izy ireo, samy manana anarana iray tamin'ireo havany efa nodimandry izy ireo izay vao avy nataony batisa.

Mba hahafahan'ny ezaky ny Fiagonana amin'ny fanaovana tetiarana ha-homby dia zava-dehibe ny torolalana sy fitarihana avy amin'ny fisoronana. Mampianatra sy mijoro ho vavolombelona momba ny fototra ijoroan'izany asa masina izany ireo mpitarika.¹² Miantso olona izy ireo ary maka antoka fa misy ireo torolalana ilaina amin'izany asa izany.¹³ Mandray ny asan'ny tempoly sy ny tetiarana ho toy ny fomba hampiakarana ny ara-panahin'ny paroasiny izy ireo, sy hanamasifan'orina ny fiainan-panahin'ireo olona vao niova fo ary hitahiana ny fiainan'ny mpi-kambana rehetra.

Raha toa ka manana hery hitahiana ireo any ambadiky ny voaly ny asan'ny tempoly sy ny tetiarana dia afaka mitahy ireo velona koa izany. Izany dia misy fiantraikany tena tsara eo amin'ireo olona manolo tena hanao izany. Manampy marina amin'ny fanatanterhana ny fisandratan'ny fianakaviany izy ireo.



Misandratra isika rehefa afaka miara-miaina amin'ny fianakaviamben-tsika eo anatrehan'Andriamanitra Tsitoha. Efa hitan'ny Mpaminany Joseph Smith ireo addidintsika: "Efa antomotra ny andro lehiben' ny Tompo . . . , hoy izy. "Koa aoka isika, amin' ny maha-fiagonana sy vahoaka ary Olomasin' ny Andro Farany antsika, hanatitra fanatitra amim-pahamarinana ho an' ny Tompo; ary aoka isika ho ao amin' ny tempolinny masina . . . , hanoltra ny boky mirakitra ny rakitsoratrty ny maty eo amintsika, izay ho mendrika ny fankasitrhana rehetra."¹⁴

Ny fanomanana izany rakitsoratra izany dia andraikitry ny tena manokana ary andraikitra iombonana. Rehefa miasa miaraka isika dia afaka hanao izay hankasitrhana'ny Tompo izany.

Izany rakitsoratra izany dia ahafahana manatanteraka ôrdônanasy sy ahafaha-n'ireo razambentsika manaiky izany ôrdônanasy izany raha hanaiky izy ireo. Afaka mitondra fahafahana ho an'ireo babo any ankoatry ny voaly ireo ôrdônanasy ireo.¹⁵

Mifandray amin'ny alalan'ny fitiavana ny zanakay, ny zafikelinay, sy i "Ruby Malala," ary ireo zafiafinay rehetra. Mifandray amin'ny alalan'ny fitiavana amin'ireo razambe koa izy ireo. Ireo rohim-pifandraisana ireo, izay namafisina tamin'ny alalan'ny ôrdônanasy masina dia hitondra any amin'ny fisandratan'ny fianakavia-nay.¹⁶ Ho tanteraka eo amintsika tsairay avy anie izany tanjona masina izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo 1 Korintiana 12:13; Galatiana 3:28; 2 Nefia 26:33.
2. Jereo Mosesy 1:39.
3. Jaona 3:16.
4. Jereo Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 124:33.
5. Vao haingana ny Filoha Thomas S. Monson no nilaza fa 83 isan-jaton'ny mpikambana manerana izao tontolo izao dia mipetraeo eo amin'ny 320 kilaometatra manodidina ny tempoly (jereo "Tongasoa eto amin'ny Fihaonambe," *Liahona*, Nôv. 2009, 4.)
6. Gordon B. Hinckley, "Opening Remarks," *Liahona*, Nôv. 2005, 5–6.
7. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 475.
8. Ankehitriny dia hita amin'ny fiteny Anglis, Espaniola, Pôrtogey, Frantsay, Alema. Will be available in Japoney, Sinoa, ary teny Kôreanina later this year.
9. Misy foibe misahana ny tetiarana mohoatra ny 4.000 manerana an'izao tontolo izao.
10. Raha toa ka manana solosaina misy Internet ianao dia midira ao amin'ny new. familysearch.org. Raha vao hisoratra ana-rana amin'ny voalohany dia mila ny laharan'ny maha-mpikambana anao ianao sy ny daty nandraisana anao ho mpikambana. Afaka maka ireo any amin'ny mpitambokin'ny paroasy na sampana misy anao ianao. Rehefa taqiditra ao amin'ilay rafi-pandaharana ianao dia afaka manamarina raha toa ka efa ao amin'ilay rafi-pandaharana ny razambe-nao ary inona ireo ôrdônanasy atao any amin'ny tempoly mbola ilainy. Afaka mahita razambe izay tsy fantatra ianao ary mampiditra azy ireny koa ao amin'ny rohim-pirazananao. Ataoovy printy avy eo ny Fangatahana hanaovana Ôrdônanasy ho an'ny Fianakaviana mba hoentina any amin'ny tempoly ka dia hanokatra ny lalana amin'ny fanaovana ôrdônanasy izany.
11. Jereo Boyd K. Packer, "Your Family History: Getting Started," *Liahona*, Aôg. 2003, 12–17.
12. Eo ambany fiahian'ny filohan'ny tsatôka, dia manara-maso ny asan'ny tempoly sy ny te-tiarana ao amin'ny tsatôka ny mpikambana ao amin'ny filankevitra avo iray na mohoatra izany. Eo anivon'ny paroasy na sampana dia ny lehiben'ny vondron'ny mpisorona avo na filohan'ny kôlejin'ny loholona no mitarika izany. Maro ireo loharano, vita printy sy voarakitra ao amin'ny Internet no entina hanampiana ireo tompon'andraikitra misahana ny fanaovana tetiarana sy ireo mpitarka ao amin'ny fisoronana hahatontosa ireo andraikiny.
13. Ireto koa misy loharanom-pitaovana mety hanampy toy ny *Member's Guide to Temple and Family History Work* (item no. 36795), sy ny *Instructor's Guide* (item no. 35804) ary ny DVD miaraka amin'izany. Azo sintonia na jerena ao amin'ny Internet ao amin'ny lds.org ireo torolalana ireo na hafarana amin'ny alalan'ny fanampian'ny foibe fanapariahana boky.
14. Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 128:24.
15. Jereo Isaia 61:1; Lioka 4:18; Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 138:18, 31, 42.
16. Jereo Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 128:18.